


**Tsy mijanona amin'ny fanomezana fanampiana ny fikambanana Fitia fa mijery akaiky ary manara-maso ihany koa ny fitohizan'ny zava-bitany. Hetsika 3 no nitondran'ny fikambanana fanaraha-maso omaly, 22 aogositra 2012:**

Les activités et actions de l'Association Fitia n'ont jamais cessé durant ce laps de temps où l'on n'avait que peu entendu parler d'elle. Ainsi, le 22 août 2012, trois grandes actions ont été menées coup sur coup.

*** Nanampy tamin'ny fandefasana ireo ankizy manana fahasembanana teo anivon'ny centre Rianala, hanao lasy any Morondava**

* Aide à l'envoi en colonie de vacances à Morondava, des enfants handicapés du Centre Rianala

*** Nitsidika sy nanara-maso ireo marary 5 teny amin'ny fokontanin'Ambatobe ary nanatitra ireo fanampiana omeny isam-bolana mandritra ny herintaona**

* Visite de suivi des cinq personnes atteintes de maladie dans le quartier d'Ambatobe et don des aides mensuelles qui s'étaleront sur une année.

*** Nijery akaiky ny voka-tsoa azo sy ny akon'ny fanampiana tamin'ny fianaran'ireo mpianatra ao amin'ny SFF ao Ambohimangakely.**

* Suivi et évaluation des impacts lies aux aides scolaires sur les études des élèves de l’EPP d’Ambohimangakely

**Association Fitia au Centre Rianala**




**CLIQUEZ ICI POUR L'ALBUM DE PHOTOGRAPHIES**

**Indray mandeha na indroa isan-taona no mitondra ireo ankizy, hisitaka kely ny renivohitra ireo tompon’andraikitra eo anivon’ny Centre Rianala, ivon-toerana mikarakara sy mandray an-tanana ireo ankizy manana fahasembanana ara-tsaina, izay efa nitondran’ny fikambanana Fitia fanampiana isan-karazany nandritra ny hetsikin’ny noely. Tamin’ity indray mitoraka ity dia fialantsasatra any Morondava mandritra ny 10 andro no hotanterahin’izy ireo.**

Une à deux fois l’an, les responsables du Centre Rianala -qui s’occupe à plein temps d’enfants handicaps mentaux- envoient les enfants en vacances hors de leur environnement journalier. L’Association Fitia leur avait déjà apporté des cadeaux lors de la Noël 2011. Cette fois-ci, l’Association Fitia va en prendre en charge tous les frais relatifs à leur envoi et leur séjour à Morondava pour une dizaine de jours.

**32 ireo ankizy hanao ity fialantsasatra kely ity, ka 16 amin’ireo ankizy manana fahasembanana ara-tsaina ary ny 16 ambiny kosa tanora, nirotsaka an-tsitrapo hikarakara sy hanara-maso ary ho naman’ireo ankizy manana fahasembanana ireo.**

Ces enfants sont au nombre de 32 dont 16 handicapés mentaux et 16 jeunes volontaires qui encadreront les premiers, durant cette colonie de vacances à Morondava.

**Zava-dehibe ho an'ireo ankizy manana fahasembanana ara-tsaina ny fikarakarana manokana tahaka izao, ho an'ny fahasalaman'izy ireo, manampy azy koa amin'ny fisokafana ara-tsaina.**

Ce changement d'air sera très bénéfique à ces enfants handicapés qui auront l'occasion de se changer les idées en dehors de leur vécu au quotidien et encadrés par des jeunes comme eux.

**22 Aogositra 2012. Nitondra fanampiana amin'ny fanatontosana ity fialan-tsasatra any Morondava ity ny fikambanana Fitia, ka nanolotra vary, savony, dentifrice, nanolotra ihany koa, loko sy baolina handanian'izy ireo andro. Tsiahivina fa fangatahana fanampiana tamin'ny fikambanana no nataon'iro tompon'andraikitra ary izao nivaly izao.**

22 août 2012. Dans le cadre de cette colonie de vacances à Morondava, les membres de l'Association Fitia sont venus leur apporter du riz, du savon et du dentifrice ainsi que de la peinture à l'eau et de ballons pour meubler de manière ludique leurs journées de vacances. Rappelons que cette forme d'appui de l'Association Fitia émane d'une demande des responsables du Centre Rianala.

**Tetsy Amparibe tamin'ny 6 ora maraina no nanainga ho any Morondava izy ireo, ary hiverina ny faha 31 ny volana aogositra folakandro.**

C'est ce 23 août 2012 que les 16 enfants et leurs 16 jeunes encadreurs ont quitté le Centre Rianala d'Amparibe. Leur retour de Morondava est prévu pour le 31 août 2012 après-midi.

**Association Fitia chez les malades d'Ambatobe**





